
Ahoana ny Fomba Fizahana ny Marary

Mba ahafantarana ny zavatra ilain'ny marary, voalohany indrindra dia tsy maintsy mametraka fanontaniana manan-danja ary avy eo dia mizaha azy tsara. Mila mijery ny *famantarana* ary ny *fitrangany* izay manampy anareo hilaza hoe hatraiza ny halalin'ny aretin'ilay olona ary karazan'aretina inona ny manjo azy.

Zahao amin'ny mazava hatrany ilay olona, ny tena tsara dia eny amin'ny masoandro — **aza atao** ao anaty efitra maizina **mihitsy**.

Misy zavatra fototra tokony anontaniana ary tadiavina eo amin'ny olona marary iray. Ao anatin'izany ny zavatra tsapa sy taterin'ilay marary (fitrangany), na koa ireo zavatra **tsikaritrareo** rehefa mizaha ny fahasalamany (famatarana). Ireo famantarana ireo dia tena manan-danja indrindra eo amin'ny zazakely sy ireo olona tsy afaka miteny. Ato anatin'ity boky ity, ny teny hoe 'famantarana' dia ampiasaina amin'ny fitrangany sy ny famantarana.

Rehefa mizaha ny fahasalaman'ny olona marary ianareo, soraty ireo zavatra hitanareo ary tehirizo izany ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana raha toa ka ilaina izy (jereo p. 44).

FANONTANIANA

Antombohy amin'ny fanontaniana azy mikasika ny aretiny amin'ilay olona. Ataovy azo antoka ny fametrahamanareo ireto fanontaniana manaraka ireto:

Inona no tena manelingelina anao amin'izao?
Inona no mahatsara kokoa na manaratsy ny fahasalamanao?

tamin'ny fomba ahoana ary oviana no nanomboka ilay aretinao?

Efa nanjo anao ve izao taloha, na koa nanjo ny olona hafa ao anatin'ny fianakavianao na mpifanolo-bodirindrina?



Tohizo amin'ny fanontaniana hafa mba hamantarana ny antsipirihan'ny aretina.

Ohatra, raha toa ka misy maharary ilay olona, anontanio azy hoe:

Aiza ny manaintaina anao? (angataho izy hanondro mazava amin'ny rantsana iray ilay faritra) Manaintaina foana ve io faritra io, na indraindray manaintaina dia indraindray tsy manaintaina?

Toy inona ilay fanaintainana? (manindrona? donto? mangirifiry?) Afaka matory ihany ve ianao amin'ilay manaintaina?

Raha zazakely mbola tsy miteny ilay marary dia tadiavo ireo famantarana ny fanaintainana. Mariho ny fihetsiny sy ny fomba fitomaniny. (Ohatra: ny zaza izay marary sofina matetika dia midilitra ny ila-lohany na misintona ny sofiny.

FEPETRA ARA-PAHASALAMANA AMIN'NY ANKAPOBENY

Alohan'ny hikasohana ilay marary dia diniho tsara aloha izy. Diniho hoe tena marary be na malezolezo ve izy, ny fomba fihetsiny, ny fomba fiainany, ary mazava ihany ve ny sainy. Jereo ny famantarana tsy fahampian-drano (jereo p. 151) sy ny fahatairana mafy (p. 77).

Mariho raha ampy sakafo tsara na tsy ampy sakafo ilay olona. Very lanja ve izy? Raha toa ka very lanja miadana mandritra ny fotoana lava ilay olona dia mety voan'ny *aretina mitaiza* izy (aretina izay maharitra ela be).

Mariho ihany koa ny lokon'ny hodotra sy ny masonry. Matetika dia miova izany rehefa marary ny olona iray. (Ny hoditra mainty dia manafina ny fiovan-doko. Koa dia jereo ny faritry ny vatana izay fotsy kokoa ny hoditra, toy ny felatanana na ny faladian-tongotra, ny hoho, ary ny ao ambadiky ny molotra sy ny hodi-maso.)

- Ny fahafotsian'ny molotra sy ny ao anatin'ny hodi-maso indrindra indrindra dia famantarana ny tsy fahampian-drà (p. 124). Mety hihafotsy ihany koa ny hoditra vokatry ny raboka (p. 179), na *kwashiorkor* izay tsy fahampian'ny proteina (p. 113).
- Ny fahamaintisan'ny hoditra dia mety ho famantarana ny mosary (jereo p. 112).
- Ny hoditra mangana, indrindra indrindra ny fahamanganana na fahamaintisan'ny molotra sy ny hoho dia mety midika ho olona lehibe eo amin'ny fifohana rivotra (p. 79, 167, sy 313) na eo amin'ny fo (p. 325). Ny loko manga-volondavenona eo amin'ny zaza tsy mahatsiaro tena dia mety ho famantarana tazo mahery (p. 186).
- Ny loko volondavenona-fotsy, sy hoditra mando mangatsiaka dia manambara matetika fa taitra mafy ilay olona (p. 77).
- Ny hoditra sy ny maso miloko mavo (ngorongosy) dia mety vokatry ny aretin'aty (hepatita, p. 172, aretin-tselan'aty, p. 328, na baivonto ateraky ny amiba, p. 145) na olan'ny afero (p. 329). Mety hitranga koa izany amin'ny zaza vao teraka (p. 274), ary amin'ny zaza izay voan'ny tsy fahatomombanana eo amin'ny sela mena (p. 321).

Jereo ihany koa ny hoditra raha toa ka mitaratra atrao anatin'ny hazavana. Mampiseho famantarana voalohany indrindra ny bontsibontsin'ny kitroto eo amin'ny tarehin'ny zaza manavy izany (p. 311).

HAFANANA

Maneho fahamalinana tokoa ny maka ny hafanan'ny olona marary, na dia toa tsy misy hafanana aza izy. Raha tena marary be ilay olona dia alaivo in-4 isan'andro farafahakeliny ny hafanany ary soraty izany.



Rehefa tsy misy fitaovana fitsapana hafanana, dia azonao atao ny mitsapa ny handrin'ilay marary amin'ny vohon-tanana ary mitsapa ny handrinao amin'ny vohon-tananao ilany mba hamantaranao ny hafanany. Raha toa ka misy hafanana ilay marary dia ho tsapanao ny fahasamihafany.

Zava-dehibe ny mahalala ny fotoana sy ny fomba nihavian'ny fanaviana, ny faharetany, ary ny fomba nahafahany. Mety hanampy anao hamantatra ilay aretina izany. Tsy ny fanaviana rehetra akory dia tazo avokoa, na dia tsaboina amin'ny fomba fitsaboana ny tazo aza izany amin'ny firenena sasany. Ohatra:


- Ny sery mahazatra, sy ny aretina avy amin'ny fifindrana otrikaretina (p. 163). Ny hafanana matetika dia malefaka.
- Ny tefoedra dia miteraka hafanana izay miakatra mandritra ny 5 andro. Ny fanafody tazo dia tsy manampy amin'izany.
- Ny raboka matetika dia miteraka hafanana malefaka amin'ny folakandro. Amin'ny alina dia tsemboka ilay olona ary dia miafana ny hafanana.



Ahoana ny fomba fampiasana ny fitaovana fitsapana hafanana

Tokony manana fitaovana fitsapana hafanana ny ankohonana tsirairay. Alaivo in-4 isan'andro ny hafanan'ny marary ary soraty foana izany.

Ahoana ny fomba famakiana ny fitaovana fitsapana hafanana (mampiasa ilay misy marika ventindrefin'ny hafanana *centigrade*—°C):



Ahoana ny fomba fitsapana hafanana:

1. Diovy tsara amin'ny rano sy savony na alikaola ilay fitaovana fitsapana hafanana. Ahontsakontsano mafy mandrapaha latsaky ny 36°C ny marika eo amin'ny fitsapana hafanana.



2. Apetraho ...


Ambany lela
(akombona
ny vava)

na

Ao ambany helika
Raha to aka mety ho
voakaikitra ilay fitaovana
Fitsapana hafanana

na

atsofoka moramora,
any amin'ny lava-
bodin'ny zazakely
(ataovy mando na asio menaka
izany aloha)



3. Ajanony mandritra ny 3 na 4 minitra ao izany.

4. Vakio ilay izy. (ny hafanana ao ambany helika dia ho ambany kely kokoa nohon' ny ao ambava; ny ao anaty lava-body dia mety ho ambony kely kokoa.)

5. Sasao tsara amin'ny rano sy savony ilay fitaovana fitsapana hafanana.

Fanamarihana: eo amin'ny zaza vao teraka, ny hafanana izay ambony tsy toy ny mahazatra **na ambany tsy toy ny mahazatra** (ambanin'ny 36°) dia mety midika otrikaretina mitera-doza (jereo p. 275).

- ♦ Raha hianatra ny endrika hafa isehoan'ny fanaviana, jereo p. 26 hatramin'ny 27.
- ♦ Raha hianatra ny tokony atao rehefa misy manavy, jereo p. 75.

FIFOHANA RIVOTRA (FISEFO)

Diniho tsara ny fomba fisefon’ny olona marary—ny halaliny (lalina na marivo), ny tahany (impiry izy no mifoka rivotra), ary ny fahasahiranany. Mariho raha miaraka mihetsika ny ilan’ny tratra anankiroa rehefa miaina ilay olona.

Raha manana famantaranandro na fandrefesam-potoana tsotra ianao, dia isao ny isan’ny fifohany rivotra isa-minitra (rehefa milamina ilay olona). Raha eo anelanelan’ny 12 sy 20 isa-minitra eo ny fifohana rivotra dia ara-dalàna izany ho an’ny olon-dehibe sy ankizy be taona. Raha mihoatra ny 30 isa-minitra dia ara-dalàna ho an’ny ankizy kely taona, ary 40 ho an’ny zazakely. Ny olona misy hafanana ambony be na aretin’ny fitaovam-pisefoana goavana dia miaina haingana kokoa noho ny tokony ho izy. Ohatra, ny fiaina **marivo** miisa 30 isa-minitra ho an’ny olon-dehibe iray dia midika pnemonia, toy ny fiaina 60 isa-minitra ho an’ny zaza vao teraka.

Henoy tsara ny feon’ny fiainany. Ohatra:

- Ny misohiaka na misefosefo ary fahasahiranana mamoaka fofonaina dia mety midika asma (jereo p. 167).
- Orona maneno na mierotra ary ny fahasahiranana amin’ny fiaina eo amin’ny olona tsy mahatsiaro tena dia midika fa manakana ao amin’ny tenda ny lela, ny rehoka, na zavatra hafa ary tsy mamela ny rivotra hivezivezy.

Jereo raha ‘milempona’ ilay faritra eo amin’ny hoditra eo anelanelan’ny taolan-tehezana sy eo amin’ny zoron’ny tenda (ao ambadiky ny taolam-bozona) rehefa mifoka rivotra ilay olona. Midika izany fa misy olana ny fivezivezen’ny rivotra. Hevero ha misy zavatra manakana ao amin’ny tenda (p. 79), pnemonia (p. 171), asma (p. 167), na braonsita (milempona kely, jereo p. 170).

Raha mikohaka ilay olona dia anontanio raha tsy mampahita tory azy izany. Jereo raha misy rehoka ilay kohaka, toy inona ny habetsany, ny lokony ary raha misy rà izany.

Jereo manokana ny tanjany, ny taha, ary ny fatetiky fitempon’ny fo. Raha manana famantaranandro na na fandrefesam-potoana ianao dia isao ny fitempon’ny fo isa-minitra.

FITEMPON’NY FO (FIDOBOKY NY FO)

Mba hamantarana ny fitempon’ny fon’ny olona dia apetraho eo amin’ny hatotanana toy ny eo amin’ny sary ny ratsantananao. (Aza mampiasa ny ankihibenao.)

Raha tsy afaka hitanao eo amin’ny hatotanana ny fitempon’ny fo, dia tsapao eo amin’ny tenda, eo akaikin’ny tendron-traotraoka.

Na apetrao mivantana eo amin’ny tratrany ny sofinao ary enoy ny fidoboky ny fony (na ampiasao ny *stethoscope* raha manana ianao).



NY FITEMPON’NY FON’NY OLONA ARA-DALANA RAHA TSY MANAO NA INONA NA INONA IZY

- Olon-dehibe. 60 hatramin’ny 80 isa-minitra
- ankizy 80 hatramin’ny 100
- zazakely 100 hatramin’ny 140

Mitombo ny hafaingan'ny fitempon'ny fo rehefa miasa ny vatana na koa rehefa hendratrendratra, matahotra na misy hafanana ny olona iray. Amin'ny ankapobeny, ny fitempon'ny fo dia mitombo fidoboka miisa 20 isa-minitra isaky ny degré (°C) iray mitombo amin'ny hafanana.

Raha tena marary be ny olona iray dia tsapao matetika ny fitempon'ny fony ary raiso an-tsoratra izany miaraka amin'ny hafanana sy ny tahan'ny fifohany rivotra.

Zava-dehibe ny mahatsikaritra ny fiovany ny tahan'ny fitempon'ny fo. Ohatra:

- Ny fitempon'ny fo malefaka sy haingana dia midika ho fahatairana (jereo p. 77).
- Ny fitempon'ny fo haingana be, miadana be, na tsy ara-dalàna dia mety midika ho olona eo amin'ny fo (jereo p. 325).
- Ny fitempon'ny fo faran'izay miadana eo amin'ny olona iray misy hafanana be dia mety ho famantarana ny tefoedra (jereo p. 188).


NY MASO

Jereo ny lokon'ilay faritra fotsy amin'ny maso. Ara-dalàna, mena (p. 219), sa mavo ve? Mariho ihany koa ny fiovana ara-pahitana eo amin'ilay olona marary.

Asaivo manetsika moramora ny masony miakatra sy midina ary miankavia sy miankavanana ilay olona. Ny fihetsehana tampoka na tsy ara-dalàna dia mety ho famantarana fahasimban'ny ati-doha.

Jereo tsara ny hangeza sy ny lokon'ny *anakandriamaso* (ilay 'varavarankely' mainty eo afovoan'ny maso). Raha ngeza be izany dia midika ho fahatairana (jereo p. 77). Raha ngeza be na kely dia kely dia mety midika fa voapoizina na vokatry ny zava-mahadomelina sasany. Raha misy faritra fotsy mazava dia mety ho zavomaso (jereo p. 225) na homamiadana.

Jereo ireo maso anankiroa ary mariho ny fahasamihafan'izy ireo, indrindra eo amin'ny haben'ny anakandriamaso:



Ny tsy-fitoviana be eo amin'ny haben'ny anakandriamaso matetika dia efa midika aretina maika

- Raha marary be ilay maso izay manana anakandriamaso lehibe dia mitarika fandoavana izany, mety voan'ny areti-maso miteraka fihenany ny taham-pahitana na GLAUCOMA ilay olona (jereo p. 222).
- Raha marary be ilay maso izay manana anakandriamaso kely kokoa, mety voan'ny fivaivain'ny anakandriamaso IRITIS ilay olona, aretina mavesa-danja (jereo p. 221).
- Ny tsy fitovian'ny haleben'ny anakandriamaso eo amin'ny olona tsy mahatsiaro tena na olona izay vao avy voadona mafy teo amin'ny lohany dia mety midika ho fahasimban'ny ati-doha. Mety midika ho fahatapahan'ny lalan-drà ihany koa izany (jereo p. 327).

Ampitovio hatrany ny anakandriamason'ny olona iray izay tsy mahatsiaro tena na maratra eo amin'ny lohany.

SOFINA, TENDA, ARY ORONA

Sofina: Jereo hatrany ny famantarana ny fanaintainana na aretina ao anatin'ny sofina-indrindra eo amin'ny zaza misy hafanana na voan'ny sery. Ny zazakely izay mitomany be loatra na misintona ny sofiny dia mety voan'ny aretin-tsofina (p. 309).

Sontony moramora ilay sofina. Raha mampitombo ny fanaintainana izany dia mety eo amin'ny fantson'ny sofina no misy ilay marary. Jereo ihany koa raha misy menamena na fery ao anaty lava-tsofina. Tarafo amin'ny jirokely na jiro miendrika penina izany. Saingy aza tsofohana zavatra kely lavalava, tariby, na zavatra henjana ao anatin'ilay sofina.

Jereo raha maheno tsara ilay olona, na marenina kokoa ny sofina ilany nohon'ny ilany. Ampifapikoseho eo ampototsofin'ilay olona ny ankihibenao sy ny rantsanao ahafantarana raha ren'y izany. Ho an'ny sofina marenina sy maneno dia jereo ny pejy 327.

Tenda sy ativava: Zahao amin'ny alalan'ny jirokely na hazavan'ny masoandro ny ativava sy ny tenda. Amin'izany dia hazony amin'ny tahon-tsotro ny lela na asaivo manao hoe 'ahhhh...' ilay olona. Jereo raha mena ny ati-tenda ary raha mivonto na misy fotsy mangirana sady misy fery ny kambon-tena (fivontosana kely 2 any amin'ny faran'ny tenda) (jereo p. 309). Zahao ihany koa ny vava raha misy maharary, hihy mivonto, lela marary, lo na misy fery ny nify na olana hafa. (vakio ny toko 17.)

Orona: Mirotsa-delo ve sa tsentsina ilay orona? (mariho raha miaina amin'ny orony ny zazakely na ahoana ny fomba hanaovany izany). Tarafo amin'ny jirokely ary jereo raha misy lelo, fery na rà; jereo ihany koa raha misy menamena, mivonto, na fofona ratsy. Jereo ny famantarana ny olana eo amin'ny fantson'ny orona na tsy fahazakana rivotra (p. 165).



HODITRA

Zava-dehibe ny mizaha ny vatana manontolon'ny marary, na dia malefaka toy inona aza ilay aretina. Ny zazakely sy ny ankizy dia tokony aboridana tanteraka. Jereo ny zavatra izay tsy ara-dalàna, ao anatin'izany ny:

- maharary, ratra, na somisika
- bontsibontsina na marika amin'ny hoditra
- fotsy mangirana, mihofaka, na marika tsy mahazatra
- *fivontosana* (mariky ny otrikaretina misy menamena, hafanana, manaintaina ary mivonto)
- fivontosana na fizihitra
- *atody tarimo mivonto* (fivontosana kely eo amin'ny tenda, ambany helika, na ny teta, jereo p. 88)
- fivontosana tsy mahazatra na matevina
- volo mihamanify na mihintsana tsy mahazatra, na fahaverezan'ny lokony na ny famiratany (p. 112)
- fihintsanan'ny volomaso (habokana? p. 191)

Zahao hatrany ny elakelaky ny vody, ny faritry ny fitaovam-pananahana, anelanelan'ny rantsan-tanana sy tongotra, ao ambadiky ny sofina, ary ny volon'ny ankizy (haofotsy, lagaly, tsindoha, bontsibontsina, ary maharary).

Ho an'ny fitiliana ireo aretin-koditra samihafa dia jereo ny pejy 196 -198.



NY KIBO

Raha misy marary eo amin'ny kibon'ny olona iray dia ezaho fantarina ny faritra tena marary.


Fantaro raha maharitra ilay maharary na miserana tampoka dia lasa, toy ny fikainkona na *voan'ny rivotra*.

Rehefa mizaha ny kibo ianao dia jereo voalohany indrindra sao misy fivontosana tsy mahazatra.

Ny faritra misy ilay fanaintainana matetika dia manambara ny anton'izany (jereo ny pejy manaraka).

Voalohany, angataho ilay olona mba hanondro amin'ny rantsan-tanana iray ny faritra marary.

Avy eo dia antombohy amin'ny faritra mifanohitra amin'ilay notondroiny ny fanindriana moramora ny faritra samihafa eo amin'ny kibo ahitana hoe aiza ny tena marary.




Jereo raha malemy na mafy ilay kibo ary raha afaka mamotsitra ny hozatry ny kibony ilay olona. Ny kibo mafy be dia midika kibo manindrona—mety ho *apandisita (appendicitis)* na *peritônita (peritonitis)* (**jereo p. 94**).

Raha eritreretinao fa *peritonitis* na *appendicitis*, dia ataovy ny fanandramana ny *fanaintainana miverina* voafaritra ao amin'ny pejy 95.

Feel for any abnormal lumps and hardened areas in the belly.

Raha marary tsy mijanona ny ao anaty kibo, te handoa, ary tsy afaka manetsika ny ny tsinainy ilay olona dia apetrao eo amin'ilay kibo ny sofinao (na stethoscope), toy izao:




Enoy raha misy maneno ao anaty tsinay. Rehefa tsy maheno na inona na inona ianao ao anatin'ny 2 minitra dia famantarana fa misy atahorana izany. (Jereo ny Olana tampoka amin'ny taova, p. 93.)

Ny kibo tsy maneno dia toy ny alika tsy mivovoava. Tandremo!

Ireto sary ireto dia maneho ireo faritry ny kibo izay marary matetika rehefa manana ireto olana manaraka ireto ny olona iray:

Fery
(jereo p. 128)


marary eo amin'ny
'lavaky ny
vavony'



Appendicitis
(jereo p. 94)


Voalohany dia
maharary eto

avy eo dia
maharary eto




Olan'ny afero
(jereo p. 329)

Ilay maharary
matetika dia
tonga any
amin'ny
lamosina



Aty
(jereo p. 172, 144,
ary 328)


Maharary eto,
misy fotoana
dia miparitaka
any amin'ny
tratra



Fitaovam-pivalanan-drano


(jereo p. 234) marary eo
afovoany na ambany
lamosina, mety tonga any
amin'ny manodidina ny
valahana hatrany ambany
kibo

Fantson'ny
amany
afero



**Fivontosana eo amin'ny
fihary atodinaina, na zaza
antsosokoditra**
(jereo p. 280)

marary eo amin'ny
andilana iray na izy
roa, indraindray
miantraika any
amin'ny lamosina



Fanamarihana: Ho an'ny anton'ny aretin-damosina samihafa dia jereo ny p. 173.

HOZATRA SY HOZA-TATITRA

Raha mitaraina ho voly, malemy, na tsy fifehezana intsony ny faritra eo amin'ny vatany ny olona iray, na te hitsapa izany ianao: mariho ny fomba fandeha sy fihetsik'ilay olona. Asaivo mitsangana, mipetraka, na matory mahitsy be izy, ary ampitahao tsara ny ilany roa amin'ny vatany.

Tarehy: asaivo mitsiky, mikenzona, mampihiratra be ny masonry, ary manakatona mafy azy ireo izy. Mariho ny fahatarana na fahalemena eo amin'ny ilan'ny tarehy.

Raha toa ka manomboka sahabo ho tampoka izany dia hevero ny ratra nahazo ny loha (p. 91), fahatapahan'ny lalan-drà (p. 327), na fahalemen'ny ila-tarehy (p. 327).

Raha toa ka miadam-pitranga izany dia mety ho fivontosana ao amin'ny ati-doha.

Mitadiava hevitra ara-medikaly. Jereo ihany koa ny fihetsiky ny maso, ny haben'ny anakandriamaso (p. 217), ary fantaro raha mahita tsara izy.

Sandry sy tongotra: Jereo ny fahaverezan-kozatra. Mariho—na refeso—Ny fahasamihafan'ny hangezan'ny sandry na ny tongotra.


Jereo ny fomba fihetsiny na ny fandehany. Raha toa ka ny mahazo ny vatana manontolo ny fahaverezan-kozatra na fahalemena, mety ho tsy fahampian-tsakafo izany (p. 112) na aretina mitaiza (maharitra ela) toy ny raboka.




Asaivo fihininy ny ratsan-tananao mba hampitahana ny herin'ny tanany tsirairay



ary manosika sy misintona ny tongony manohitra ny tananao.




Asaivo manatsotra ny sandriny ihany koa izy ary mamadibadika ny tanany roa.



Asaivo matory izy ary manainga ny tongony ilany, avy eo ny ilany.

Mariho ny fahalemena na fangovitana.



Raha tsy mitovy na ratsy kokoa ny fahaverezan'ny hozatra na ny fahalemena eo amin'ny ilany iray, eo amin'ny zaza, saino ho poliomiélita izany voalohany indrindra (p. 314); eo amin'ny olon-dehibe, saino ho olana eo amin'ny lamosina, ratra eo amin'ny lamosina na loha, na fahatapahan'ny lalan-drà.

Raha mila fanazavana fanampiny mikasina ny fitsapana ny hozatra sy fizahana ara-batana ireo olona manan-kilema dia jereo ny *Ireo zaza manan-kilema eo an-tanana*, Toko 4.


Jereo ny fihenjanana na fihinjiran'ireo hozatra isan-karazany:

- Raha toa ka mihenjana na tsy mety misokatra ny valanorano, ahiahio ho tetanosy izany (p. 182) na maharary mafy ao amin'ny tenda (p. 309) na ny nify (p. 231). Raha toa ka manomboka rehefa avy nanoaka ilay olana na koa voadona ny valanorano, mety tsy amin'ny toerany ny valanorano.
- Raha toa ka mihenjana ny hatoka na ny lamosina, ary mihenjana mankany aoriana, ho an'ny ankizy marary be, ahiahio ny meninzita. Raha toa ka tsy afaka miondrika ny loha na tsy afaka atao eo anelanelan'ny lohalika, Mety tena meninzita izany (p. 185).
- Raha toa ka mihenjana **foana** ny hozatry ny ankizy iray ka manao fihetsika hafahafa na tampoka, mety ho zaza mifanintona izy (p. 320).



- Raha toa ka manao fihetsika hafahafa tampoka izy, miaraka amin'ny tsy fahatsiarovan-tena, mety voan'ny fanintona izy (p. 178). Raha mateti-pitranga ny fihetsehan'aretina tampoka dia ahiahio ho fanintona izany.

Raha mitranga ireo rehefa marary izy dia mety ho vokatry ny hafanana ambony be (p. 76)
 Na tsy fahampian-drano (p. 151) na tetanosy (p. 182) na meninzita (p. 185).



Ny fomba hitsapana ny refleksa raha toa ka miahiahy tetanosy ianao, jereo p. 183.

Raha hitsapa ny fahaverezan'ny fahatsapan'ny tanana, tongotra na faritra hafa amin'ny vatana dia:

asaivo akipin'ilay olona ny masony. Safoy na tairo moramora ny hodiny amin'ny faritra samihafa. Asaivo miteny hoe 'eny' izy raha reny izany.

- Ny fahaverezan'ny fahatsapana eo amin'ny faritra fotsy mangirana na miofaka eo amin'ny vatana dia mety ho habokana (p. 191)
- Ny fahaverezan'ny fahatsapana eo amin'ny tanana na tongotra roa dia mety avy amin'ny diabeta (p. 127) na habokana.
- Ny fahaverezan'ny fahatsapana eo amin'ny ila dia mety avy amin'ny olana eo amin'ny lamosina (p. 174) na ratra.

